

## **Filazana**

---

Daty: 25 ôktôbra 2016

Ho an'ireo: Manampahefana Ambony;  
Fitopololahin'ny Vondrom-paritra;  
ireo Filohan'ny Tsatòka sy Filohan'ny  
Misiôna ary Filohan'ny Distrika; ireo Eveka sy Filohan'ny  
Sampana; ireo mpikambana ao amin'ny filankevitry ny Tsatòka  
sy ny Paroasy

Avy amin'ny: Filankevitra mpanatanteraky ny fisoronana sy ny fianakaviana  
(801-240-2134)

Antony: Fanampiana ireo olona mahatsapa fifanintonana eo amin'ny samy  
lahy na ny samy vavy

---

NY FIANGONAN' I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY

Ireto loharanom-pitaovana nohavaozina mahakasika ny fifanintonana eo  
amin'ny samy lahy na ny samy vavy ireto dia azon'ny isam-batan'olona sy ny  
fianakaviana ary ireo filankevitry ny paroasy ampiasaina amin'izao fotoana  
izao:

- Lohateny “Fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy” ao  
amin'ny Sujets de l’Evangile ao amin'ny LDS.org (jereo fa nampiarahana  
amin’ity)
- Fampianaran’ny Fiangonana (jereo fa nampiarahana amin’ity)
- Ireo fanontaniana apetraka matetika (jereo fa nampiarahana amin’ity)
- Tranonkala Mormonandgay\_lds.org, misy amin'ny teny Anglisy
- Loharanom-pitaovana entina manampy ([ministering\\_lds.org](http://ministering_lds.org)), misy amin'ny fiteny 10 ho an'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitry ny paroasy sy  
tsatòka izay azo avy amin'ireo loharanom-pitaovana ho an'ny mpitarika sy  
ny mpitamboky (Documents pour les dirigeants et les greffiers) ao amin'ny  
LDS.org.

Ireto loharanom-pitaovana ireo dia azo dinihina ao anatin'ny fivorian'ny  
filankevitry ny tsatòka na ny paroasy.

# Fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy

25 ôktôbra 2016

NY FIANGONAN' I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY

---

*Nalaina avy tao amin'ny Sujets de l'Évangile ao amin'ny topics.lds.org:*

Ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia ilazana ny fifanintonana ara-pihetseham-po na ara-batana na ara-pitiavana tsapan'ny lehilahy iray amin'ny lehilahy iray na tsapan'ny vehivavy iray amin'ny vehivavy iray. Tsy mitovy ny fahatsapan'ny tsirairay ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy. Ny olona sasany dia mety mahatsapa ho voasarika amin'ny lehilahy fotsiny raha lehilahy izy ary amin'ny vehivavy fotsiny raha vehivavy izy, fa ny sasany kosa dia mety mahatsapa ho sady voasarika amin'ny lehilahy no voasarika amin'ny vehivavy.

Ny Fiangonana dia manavaka tsara ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy sy ny fanaovana firaiana ara-nofo eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy. Ny olona izay mahatsapa fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy na mihevitra ny tenany ho lehilahy tia lehilahy, na vehivavy tia vehivavy, na sady tia lehilahy no tia vehivavy dia mahazo manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra sy mitandrina izany ary mandray anjara tanteraka sy amim-pahamendrehana ato am-piagonana. Ny fiheverena ny tena ho lehilahy tia lehilahy, na vehivavy tia vehivavy, na sady tia lehilahy no tia vehivavy, na ny fahatsapana fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia tsy fahotana ary tsy manakana ny olona iray handray anjara ato am-piagonana, na hanana antso na handeha any amin'ny tempoly.

Ampahany tena manan-danja ao amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fahasambarantsika ny fahadiovam-pitondrantena. Ny firaiana ara-nofo dia natokana ho an'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray mpivady izay nampanantena ny hifaneho fahatokiana tanteraka. Ny firaiana ara-nofo eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray tsy mpivady na eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia mandika ny iray amin'ireo lalàna manan-danja indrindra amin'ny Raintsika any An-danitra ary manembantsembana ny fivoarantsika mandrakizay. Ny olona izay mandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena dia afaka miverina miavana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahaha na voasarika amin'ny lehilahy izy na voasarika amin'ny vehivavy. Amin'ny maha-mpanaradia an'i Kristy antsika dia manohitra ny fitondrantena maloto isika ary miezaka ny ho tonga tahaka Azy. Mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina sy ny fanampian'ny Mpamonjy, izay mahafantatra ny fomba hanampiana antsika isika rehefa alaim-panahy (jereo ny 1 Korintiana 10:13; F&F 62:1). Raha resin'ny fakam-panahy ara-nofo isika ka mandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, dia afaka mibebaka sy mahazo famelan-keloka ary mandray anjara amin'ny maha-mpikambana feno ao amin'ny Fiangonana.

Mety tsy tena fantatsika tsara hoe nahoana ny olona sasany no voasarika amin'ny olona hafa izay lehilahy raha lehilahy izy na amin'ny vehivavy raha vehivavy izy, saingy ho an'ny sasany izany dia zavatra mitranga ary anisan'ny fainan'ny olombelona izay sarotra takarina. I Jesoa Kristy Mpamonjy dia manana fahatakarana tonga lafatra ny olana rehetra iainantsika eto an-tany, ary afaka mitodika any Aminy isika raha hitady fampiononana, fifaliana, fanantenana ary fitarihana (jereo ny Almà 7:11–12). Na inona na inona olana atrehintsika eo amin'ny fainana dia zanak'Andriamanitra avokoa isika rehetra, mendrika ny hatsaram-panahy sy ny fangorahana avy amin'ny tsirairay (Romana 8:16–17). Rehefa mamorona tontolo misy fifanohanana isika dia manorina ny fiantrana sy fangorahana eo amintsika samy isika ary mandray soa avy amin'ireo fomba fijerintsika sy finoantsika mitambatra.

# Fampianaran'ny Fiangonana

25 ôktôbra 2016

NY FIANGONAN' I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY

---

Avy ao amin'ny mormonandgay.lds.org.

## Tia ny zanany rehetra Andriamanitra

Tsy misy zavatra maneho feno kokoa ny halalina sy ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra mihoatra ny fahavononany hanao sorona ny Zanakalahiny mba hahafahantsika zanany mandresy ny fahafatesana sy mahazo ny fiainana mandrakizay. “Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay” (Jaona 3:16). Tsy misy zavatra maneho amin’ny fomba tsara kokoa ny fitiavan’i Jesoa Kristy mihoatra ny fahavononany hanolotra ny ainy mba hanao sorona fanavotana noho ny fahotan’ny olombelona, hanonitra ny fijaliana sy ny tsy rariny rehetra, ary hamaha ny famatoran’ny fahafatesana ho an’ny rehetra (jereo ny Almà 7:11–13). “Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaimy” (Jaona 15:13).

Namariparitra ny fitiavan'Andriamanitra tao anatin'ny lahateny iray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny 2009 ny Filoha Dieter F. Uchtdorf:

“Tsy mijery ny endrika ivelany Andriamanitra. Mino aho fa tsy raharahiany na dia kely akory aza na mipetraka any amin’ny lapabe isika na any amin’ny trano bongo, na tsara tarehy isika na ratsy tarehy, na olo-malaza isika na hadinon’ny olona ny fisantsika. Na dia tsy tanteraka aza isika dia tia antsika amin’ny fitiavana feno tanteraka Andriamanitra. Na dia tsy lavorary aza isika dia tiany amin’ny fomba lavorary. Na dia mahatsiaro ho very sy tsy misy mpitarika aza isika dia manemitra antsika tanteraka ny fitiavan'Andriamanitra.

“Tia antsika Izy satria feno fitiavana tsy manam-petra izay masina sy madio ary tsy hay faritana. Manan-danja eo anatrehan'Andriamanitra isika, tsy noho ireo fahaizantsika fa amin’ny maha-zanany antsika. Tia ny tsirairay amintsika Izy” (“Ny fitiavan'Andriamanitra,” fihaonamben'ny Fiangonana ôkt. 2009).

Tia antsika rehetra Andriamanitra. Tia ireo izay any amin’ny antokom-pinoana hafa sy ireo tsy mino na inona na inona Izy. Tia ireo izay mijaly Izy. Tiany amin’ny fomba mitovy ny manan-karena sy ny mahatrantra. Tia ny olona avy amin’ny firazanana sy ny kolontsaina rehetra Izy, ny manambady na ny tokan-tena, ary ireo izay mahatsapa fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy, na mihevitra ny tenany ho lehilahy tia lehilahy, na vehivavy tia vehivavy, na sady tia lehilahy no tia vehivavy. Ary manantena antsika hanaraka ny ohatra asehony Andriamanitra.

## Didiana isika ny hitia an'Andriamanitra sy hifankatia.

“Tiava an’i Jehovah Andriamanitro amin’ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao” (Matio 22:37–39).

“Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo” (Jaona 15:12).

Maneho ny fitiavantsika an’Andriamanitra isika amin’ny alalan’ny fitandremana ny didiny (jereo ny Jaona 14:15) sy amin’ny alalan’ny fifankatiavantsika (jereo ny Jaona 13:34). Raha manana havana na namana ianao ka mahatsapa fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy, na mihevitra ny tenany ho lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy dia tiavo izy ireo. Hoy ny Filoha Henry B. Eyring:

“Raha te hijanona ho akaikin’ny olona izay tena tianao ianao, nefà tsy manana fifandraisana akaiky aminy dia fantatrao ny fomba hanaovana izany. Hahita fomba hiresahana amin’izy ireo ianao, hihaino azy ireo ianao ary hahita hevitra mba hanaovana zavatra miaraka amin’izy ireo. Arakaraka ny nisian’izany rehetra izany no nahatonga izany haharitra sy hahalalim-paka ny fifankatiavana misy eo aminareo. Raha betsaka ny fotoana tsy nifampiresahana, tsy nifampihainoana ary tsy nifanaovana zavatra dia hihena ilay fifankatiavana. Andriamanitra dia tonga lafatra sy mahavita ny zava-drehetra fa izaho sy ianao kosa dia mety maty. Raitsika anefa Izy, tia antsika Izy ary manome fahafahaha mitovy ho antsika mba hanakaiky bebe kokoa Azy tahaka ny mety hataon’ny namana be fitiavana iray. Ary hanao izany amin’ny alalan’ireo fomba ireo ihany ianao: ny firesahana, ny fihainoana, ary ny fanaovana zavatra” (“To Draw Closer to God,” fahaonamben’ny Fiagonana apr. 1991).

Maneho ny fitiavanareo an’ Andriamanitra ianareo amin’ny alalan’ny fifankatiavana sy ny fifanompoana. “Ary indro, lazaiko aminareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo mianatra fahendrena, mba hahazoanareo mianatra fa rehefa eo amin’ ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an’ Andriamanitrareo ianareo” (Môsià 2:17).

Inona no dikan’ny hoe mifankatia? Ny olona tia dia tia mikarakara. Ny olona tia dia mihaino. Ny olona tia dia tsy manavakavaka. Ny olona tia dia manazava ny saina amam-panahy. Ny fitiavana no ivon’ny maha-olombelona antsika, satria zanak’Andriamanitra isika, ary “Andriamanitra dia fitiavana” (1 Jaona 4:8). Nandritra ilay Fanasana farany dia namerimberina ny Mpamony hoe: “Izany no ahafantaran’ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia” (Jaona 13:35).

Ny didy mba hifankatia dia tsy manavaka ireo izay tsy mahita izao tontolo izao amin’ny fomba ahitantsika izany. Nanazava ny Loholona Dallin H. Oaks hoe:

“Eo amin’ny fifandraisana maro sy ny toe-javatra maro tokoa eo amin’ny fiainana dia tsy maintsy miara-miaina amin’olona tsy mitovy amintsika isika. Raha mihatra aman’aina dia tsy tokony ho lavina na hafoy ny lafiny avy aty amintsika amin’ireo tsy fitoviana ireo, saingy amin’ny maha-mpanaradia an’i Kristy antsika dia tokony hiaraka hiaina amim-pahatoniana amin’ny hafa izay tsy mitovy soatoavina amintsika isika na izay tsy manaiky ireo fampianarana izay ifotoran’izany. Ilay drafity ny famonjena an’ny Ray, izay fantatsika avy amin’ny fanambarana ara-paminaniana, dia mametraka antsika ao anatin’ny toe-javatra iainana eto an-tany izay natao hitandremantsika ny didiny. Tafiditra ao anatin’izany ny mitia ireo mpiara-belona izay hafa kolontsaina sy finoana toy ny nitiavany antsika. Araka ny nampianarin’ny mpaminany iray ao amin’ny Bokin’i Môrmôna, dia tsy maintsy mibosesika mandroso isika, ka manana ‘fitiavana an’Andriamanitra sy ny olon-drehetra’ (2 Nefia 31:20)” (“Fitiavana ny hafa sy fiainana ao anatin’ny fahasamihafana,” fahaonamben’ny Fiagonana ôkt. 2014).

Ny fitiavan’Andriamanitra dia tsy manafa-tsiny ny fahotana—“Fa izaho Tompo dia tsy afaka hijery ny fahotana amin’ny hamoram-po faran’izay bitika indrindra. Na izany aza anefa, izay mibebaka sy mankatô ny didin’ny Tompo dia havela heloka” (F&F 1:31–32). Tahaka izany ihany, isika dia tsy tokony hanimba ny fiainantsika sy ny fiarovantsika ny didin’ Andriamanitra, fa mba hakana tahaka tanteraka ny fitiavan’Andriamanitra dia tsy maintsy mifankatia amin-kitsim-po sy feno tanteraka ihany koa isika mba tsy hisy olona hahatsapa ho tavela na irery na tsy manan-kantenaina.

## **Manana fahatakarana tonga lafatra ny zava-tsarotra rehetra lalovantsika ny Mpamony**

“Fa ankehitriny isika mizaha ao amin’ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy” (1 Korintiana 13:12).

Noho isika mety maty dia voafetra ny fahatakarantsika. Afaka manambara miaraka amin’i Nefia isika fa “fanta[tsika] fa tia ireo zanany Izy; na dia eo aza izany, dia tsy fanta[tsika] ny hevitry ny zava-drehetra” (1 Nefia 11:17).

Rehefa mikatsaka valinteny sy fitarihana ho an’ny fainantsika manokana isika dia afaka matoky an’Andriamanitra sy ny hery mitoetra ao anatin’ny sorona manavotr’i Jesoa Kristy. Rehefa nitondra teo Aminy ny fahotan’izao tontolo izao i Jesoa Kristy dia niaritra ny fanaintainana sy ny fahoriana rehetra izay mety hihatra amin’ny olombelona rehetra ihany koa Izy:

“Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin’ny olony Izy” (Almà 7:11).

### **Ny fahatsapana fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy dia tsy fahotana ary afaka misafidy izay ho fihetsitsika manoloana izany isika**

Tsy manana hevitra ijoroana mikasika ny antony mahatonga ny fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy ny Fiagonana. Tamin’ny 2006 dia nilaza ny Loholona Dallin H. Oaks hoe:

“Ny Fiagonana dia tsy manana hevitra ijoroana mikasika ny antony nahatonga ny fiantombohan’ny fahatsapan-javatra na fironana toy izany, anisan’izany ireo izay mikasika ny fifanintonana eo amin’ny samy mitovy fananahana” (fakana am-bavany tamin’ny 2006 niarahana tamin’ny Loholona Dallin H. Oaks sy ny Loholona Lance B. Wickman: “Same-Gender Attraction”).

Ny fahatsapana fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy dia tsy fahotana. Nilaza ny Loholona M. Russell Ballard hoe:

“Tianay hazavaina tsara fa: Ny Fiagonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany dia manaiky fa ‘ny fahatsapana fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy dia zava-misy sarotra takarina ho an’ny olona maro. Ilay fifanintonana manokana dia tsy fahotana, fa ny fanaovana fihetsika mifanaraka amin’izany dia fahotana. Na dia tsy safidin’ny olona aza ny handairan’ny fifanintonana toy izany dia afaka misafidy ny fomba hiatrehany izany fifanintonana izany izy. Manolo-tanana ny zanak’ Andriamanitra rehetra amim-pitiavana sy amim-pahatakarana ny Fiagonana, anisan’izany [ireo izay mahatsapa fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy]” (“The Lord Needs You Now!” Ensign, sept. 2015, 29).

Raha toa ny fahatsapana fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy ka tsy fahotana, dia mety ho olana saro-bahana kosa izany. Raha toa ny olona iray ka tsy nisafidy ny banana ireo fahatsapana ireo dia afaka manolo-tena ny hitandrina ny didin’ Andriamanitra kosa izy. Ny ray aman-drenin’ny zaza iray izay mahatsapa fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy, na mihevitra ny tenany ho lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy dia tokony hisafidy ny hitia sy handray tsara izany zaza izany. Noho isika mandrafitra ny fiarahanonin’ny mpikamban’ny Fiagonana rehefa mitambatra dia tokony hisafidy ny hamorona fiarahanonina tia mandray olona isika.

“Ary manainga ny rehetra Izy hanatona Azy sy banana anjara amin’ny hatsaram-pony; ary tsy mandà izay manatona Azy Izy, . . . ho an’ Andriamanitra dia mitovy ny rehetra” (2 Nefia 26:33).

### **Afaka mandray anjara feno ao amin’ny Fiagonana ny olona miaina ny lalàn’ Andriamanitra**

“Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan’olona Andriamanitra” (Asan’ny Apostoly 10:34).

Mampanantena Andriamanitra fa raha mankatò ny lalàny isika dia hanana fifaliana mandrakizay, ary Izy dia mitana mandrakariva ny fampanantenana nataony. Mazava tsara fa ny olona mahatsapa fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy, na mihevitra ny tenany ho lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy dia afaka mampanantena sy mitana ny fampanantenana ataony amin' Andriamanitra. Afaka mandeha ao amin'ny fahazavany izy ireo. Afaka mandray anjara feno ao amin'ny Fiagonana izy ireo.

“Raha toa ny mpikambana ka mahatsapa fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy, kanefa tsy mirotsaka amin'ny fitondrantena mirona amin'ny fifankatiavan'ny samy lahy na ny samy vavy, na toy ny ahoana izany na toy ny ahoana, dia tokony hanampy sy hamporisika azy ireo amin'ny fanapahan-keviny hiaina ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena sy hifehy ireo eritreritra ratsy ireo mpitarika. Ireo mpikambana ireo dia azo omena antso ao am-piangonana. Raha mendrika amin'ireo zavatra hafa rehetra izy ireo dia afaka mihazona ihany koa ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly sy mandray ireo ôrdônsin'ny tempoly” (*Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiagonana*, 21.4.6).

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe:

“Tiantsika izy ireo amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin’ Andriamanitra azy ireo. Mety manana karazana fironana sasantsany izay mahery vaika sy mety ho sarotra fehezina izy ireo. Ny ankamaraoan’ny olona dia manana karazana fironana iray na anankiray hafa amin'ny fotoana samihafa. Rehefa tsy manao fietsika manaraka izany fironana izany izy ireo dia afaka ny handroso toy ireo mpikambana hafa rehetra ao amin'ny Fiagonana. Raha mandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena sy ireo fenitra ara-pitondrantenany Fiagonana izy ireo dia iharan'ny fitsipi-pifehezan'ny Fiagonana tsy misy hafa amin'ireo olon-kafa” (“What Are People Asking about Us?” Fihonamben’ny Fiagonana ôkt. 1998).

Na inona na inona toe-java-misy iainan’ny olona iray dia afaka mandray anjara amin'ny asan'ny Tompo izy amin’izao fotoana izao ary afaka manantena fa ny fahatokiany dia hitondra ireo fitahiana, eto an-tany sy aorian’izao fainana izao, izay nampanantenain’Andriamanitra an’izay mahatoky toy izany koa. Hoy ny Loholona D. Todd Christofferson hoe:

“Manana fanomezam-pahasoavana ny tsirairay, manana talenta ny tsirairay ary afaka mitondra anjara biriky ao amin'ilay draftra masina navelatra isaky ny taranaka tsirairay. Zavatra tsara maro sy zavatra tena ilaina maro—ary indraindray aza ny zavatra rehetra ilaina amin’izao fotoana izao—no azo tanterahina ao anatin’ny toe-javatra izay tsy tonga lafatra. Maro dia maro aminareo no manao izay tsara indrindra vitanareo. Ary rehefa mijoro hiaro ny draftr’ Andriamanitra mba hampisandratra ny zanany ianareo izay mizaka ireo enta-mavesatra lehibe indrindra eto amin'ny fainana an-tany, dia vonona ny hiara-dia isika rehetra. Mijoro ho vavolombelona amim-pahatokiana isika fa efa noraisin’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy an-tanana mialoha ary, amin'ny farany, honerany daholo ny fihafiana sy ny famoizan-javatra rehetra nozakain’ireo izay mitodika any Aminy. Tsy misy na iza na iza voafidy mialoha mba hahazo kely kokoa noho ny zavatra rehetra omen’ny Ray ny zanany” (“Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana,” fihonamben’ny Fiagonana apr. 2015).

### **Mihatra amin'ireo zanak’ Andriamanitra rehetra ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena**

Ampahany tena manan-danja ao amin'ny draftr’ Andriamanitra ho an’ny fahasambarantsika ny fahadiovana ara-pitondrantena. Nanambara ny Fiadiana Voalohany sy Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo hoe:

“Ny didy voalohany izay nomen’ Andriamanitra an’i Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin'ny maha-mpivady azy. Ambaranay fa ny didin’ Andriamanitra ho an’ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery. Ambaranay ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin’ny fananahana” (“Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’Izao Tontolo Izao”).

Ny firaisansa ara-nofo eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray tsy mpivady, na eo amin'ny olona samy lahy na samy vavy, dia fahotana ary mandika ny iray amin'ireo lalàn'ny Raintsika any An-danitra izay manan-danja indrindra ary manakana ny fivoarantsika mandrakizay.

“Ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantenany Tompo dia ny tsy fanaovana firaisansa ara-nofo ivelan’ny fanambadiana ara-dalàna sy ny fijanonana ho mahatoky amin’ny vady ao anatin’ny fanambadiana. Tsy mety ny fanaovana firaisansa ara-nofo raha tsy eo amin’ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray nivady ara-dalàna ihany. Ny fijangajangana, na ny fanaovana firaisansa alohan’ny fanambadiana, na ny fiarahan’ny samy lahy na samy vavy, ary ireo fomba amam-panao rehetra izay tsy masina, na tsy ara-boajanahary, na tsy madio dia fahotana” (*Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fianganana*, 21.4.5).

Ny olona izay mandika ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena dia azo ampihavanina amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fibebahana na inona inona fironany ara-nofo.

“Ianao dia tsy hanitsakitsa-bady; ary izay manitsakitsa-bady ka tsy mibebaka dia horoahina hiala. Nefa izay efa nanitsakitsa-bady ka mibebaka amin’ ny fony manontolo, ary mahafoy izany ka tsy manao izany intsony, dia havelanao heloka” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:24–25).

# Fanontaniana apetraka matetika

25 ôktôbra 2016

NY FIANGONAN' I  
JESOA KRISTY  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY

---

*Avy ao amin'ny mormonandgay.lds.org.*

**Nahoana no ampiasaina ilay teny hoe “Fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy”?**  
**Nahoana no tsy lazaina fotsiny hoe “Lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy”?**

Ny fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy dia ilazana ny fifanintonana ara-pihetseham-po na ara-batana na ara-pitiavana na ara-nofo tsapan’ny lehilahy iray amin’ny lehilahy iray na tsapan’ny vehivavy iray amin’ny vehivavy iray. Raha toa ianao ka mahatsapa izany fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy izany, dia mety misafidy na mety tsy misafidy ny hampiasa famantarana hoe voasarika amin’ny lehilahy sa voasarika amin’ny vehivavy ianao mba hamaritanao ny tenanao. Na izany na tsy izany dia teny ara-teknika mamaritra ny zavatra iainana nefo tsy manery ny fampiasana famantarana ny hoe fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy. Ity tranonkala ity dia mampiasa io teny io mba hampidirana ao anatinny ny olona izay tsy mahazo aina eo amin’ny fampiasana famantarana azy, fa tsy hoe tsy miraharaha ny fisian’ny lehilahy tia lehilahy na ny vehivavy tia vehivavy na ny olona sady tia lehilahy no tia vehivavy.

**Nahoana ny tranonkala no tsy miresaka mikasika ireo olana momba ny fahatsapan’ny olona iray ho tsy mahazo aina na mijaly mihitsy satria tsy mitovy amin’ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany, na ireo olana ananan’ny olona iray izay tsy mitovy amin’ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany?**

Maro amin’ireo fitsipika ankabobeny zaraina ao amin’ity tranonkala ity (ohatra, ny maha-zava-dehibe ny tsy fanavakahana na ny fanehoana hatsaram-panahy) no miantefa amin’ireo Olomasin’ny Andro Farany izay miaina fahatsapan’ny olona iray ho tsy mahazo aina na mijaly mihitsy satria tsy mitovy amin’ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany, na olana ananan’ny olona iray izay tsy mitovy amin’ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany. Saingy tena samy hafa ny fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy sy ny fahatsapan’ny olona iray ho tsy mahazo aina na mijaly mihitsy satria tsy mitovy amin’ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany. Ohatra, ireo izay mahatsapa ho tsy mahazo aina na mijaly mihitsy satria tsy mitovy amin’ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany dia mety mahatsapa na tsia ilay fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy ary ny ankamaroan’ireo izay mahatsapa fifanintonana eo amin’ny samy lahy na ny samy vavy dia tsy maniry ny hanova ny maha-lahy na ny maha-vavy azy. Samy hafa izy ireo raha ara-pisikôlôjika sy ara-pivavahana no ijerenia azy.

## **Moa ve manontany tena ianao sao lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy?**

Raha toa ianao ka manontany tena sao lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy, dia mety efa nahatsapa ilay fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy ary manontany tena ny amin'ny fomba hanazavana ireo fahatsapana ireo. Sarotra fakafakaina ary hetsehin'ny anton-javatra maro ny filàna ara-nofo. Raha mety azo hamantarana ny hoe voasarika amin'ny lehilahy sa voasarika amin'ny vehivavy ny olona anankiray rehefa mahatsapa fisarihana ara-pitiavana na ara-pihetseham-po na ara-nofo, dia tsy tokony neverina ho marina foana izany. Ny filàna ara-nofo dia mety mandeha ho azy ary mety miovaova. Raha miahiah y ianao dia tsy tokony hahatsapa faneriterena na fahamaikana hanatsoaka fehin-kevitra mikasika ny maha-lahy na ny maha-vavy anao.

Ny teny dia manana heviny samihafa ho an'ny olona samihafa ary afaka miova mandritra ny fainantsika ny famaritana ny teny iray. Inona no dikan'ny teny hoe *lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy* aminao? Moa ve izany fahatsapana? sa famantarana ny tena? sa fomba fainana? Niovaova ny fampiasana ny teny hoe *lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy* rehefa niova ny fiarahamonina sy ny kolontsaina. Ny fandraisanao ny tenanao ho lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy dia mety midika hoe mahatsapa ilay fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy saingy misafidy ny tsy haneho fihetsika mifanaraka amin'ireo zavatra tsapa ireo. Na io famantarana io dia mety mamaritra ny fomba fanehoanao ny tenanao ara-pihetseham-po na ara-batana na ara-nofo na ara-pôlitika. Raha manontany tena ianao hoe inona no tian'ny olona iray holazaina rehefa milaza izy hoe, “Tia lehilahy aho raha lehilahy izy na tia vehivavy aho raha vehivavy izy,” dia anontantio fotsiny izy ireo.

## **Tokony hamboraka ve aho hoe lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy?**

Ho an'ny olona sasany ny fihazonana ho an'ny tena manokana ny fahatsapana fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia mety hiteraka fahamenarana na resaka atao ao anaty izay mifantoka amin'ny zavatra ratsy. Ny fizarana ireo fahatsapana ireo amin'ny olona iray azo itokiana dia mety manamaivana sy manasitrana. Ny sasany anefa naniry hoe tahaka izay mba niandry ela kokoa na farafaharatsiny nametra ny isan'ny olona namborahany ny fahatsapan'izy ireo. Noho izany io fanapahan-kevitra io dia tsy tokony hifototra amin'ny fanekena ny faneriterena mba “hamboraka” ampahibemaso na hampahafantatra malalaka fa lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy. Raha toa ianao ka manapa-kevitra ny hampahafantatra ny fananana fahatsapana fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia eritrereto ombam-bavaka izay olona tianao hiresahana izany sy ny fomba hizarana io lafin-javatra anankiray ao amin'ny fainanao eto an-tany io.

Raha toa ianao ka manapa-kevitra ny hizara ny zavatra iainanao noho ny fananana fahatsapana fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy na hampahafantatra malalaka fa lehilahy tia lehilahy na vehivavy tia vehivavy dia tokony hotohanana sy horaisina amin-katsaram-panahy sy amim-panajana ianao na any an-trano na any am-piangonana. Mila manana faharetana eo amin'ny tsirairay isika rehefa miezaka manakatra tsara kokoa ireo zavatra ireo.

Manana andraikitra isika rehetra amin'ny maha-mpikamban'ny Fiagonana antsika mba hanorina tontolo feno fanohanana sy fitiavana an'ireo rahalahintsika sy anabavintsika. Ny karazana tambazotra ifanohanana toy izany dia manamora bebe kokoa ny fainana ny filazantsara sy ny fikatsahana ny Fanahy eo am-piatrehana izay mety ho zava-miseho eto an-tany.

## **Ahoana no ahafahako miresaka amin'ny ray aman-dreniko na ny evekako mikasika ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy?**

Raha mampahazo aina anao ny miresaka amin'ny ray na reny iray na amin'ny olona iray hafa ao amin'ny fianakaviana na amin'ny mpitarika iray ao amin'ny Fiagonana dia diniho ny hizara ireo zavatra tsapanao amin'izy ireo. Ampio izy ireo hahatakatra ny zavatra andalovanao mba hahafahany maneho fitiavana sy fanohanana anao. Raha tsy takatr'izy ireo hoe manao ahoana ny miaina izany toe-javatra izany dia angataho

izy ireo mba hamaky ireo lahatsoratra ao anatin'ity tranonkala ity. Mety tsy mora ny manomboka izany resaka izany saingy zava-dehibe ny fanombohana ilay fifampiresahana. Aoka ianao hanana faharetana amin'ny olona manodidina anao sy hahatsiaro fa miara-mianatra ianareo rehetra. Raha toa ireo olona tianao ka sahirana eo amin'ny fahatakarana izany sy eo amin'ny fanehoana fanohanana dia mety mila ny fanampianao izy ireo. Raiso amin-katsaram-panahy sy amim-panajana toy ny antenainao fa hasehon'izy ireo aminao ny ray aman-dreninao sy ireo mpitarika anao. Ity tranonkala ity dia natao mba hanampiana ny olona rehetra hahatakatra tsara kokoa ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy avy amin'ny fomba fijerin'ny filazantsara azy.

### **Moa ve hanjavona io fifanintonana tsapako io raha ampy ny fahatokiako?**

Tsy ny hamafin'ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy no entina handrefesana ny fahatokianao. Maro ny olona izay mivavaka mandritra ny taona maro sy manao izay azon'izy rehetra atao mba hankatoavana saingy mbola voasarika amin'ny lehilahy ihany izy raha lehilahy ary voasarika amin'ny vehivavy raha vehivavy. Iainana araka izay ambaratongam-pahamafisany ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy ary tsy mitovy izany ho an'ny olona rehetra. Ny sasany sady voasarika amin'ny lehilahy no voasarika amin'ny vehivavy ary ny sasany voasarika fotsiny amin'ny lehilahy raha lehilahy izy ary amin'ny vehivavy raha vehivavy izy. Ho an'ny olona sasany dia mety hihena rehefa mandeha ny fotoana ny fahatsapana fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy, na farafaharatsiny ny hamafin'ireo fahatsapana ireo. Na izany na tsy izany dia tsy tokony ho vokany antenain'ny ray aman-dreny na ny mpitarika na vokany angatahin'izy ireo ny hiovan'izany fifanintonana izany.

Mety tsy ho voafehinao ny hamafin'ny fifanintonana tsapanao kanefa afaka mifidy ny fomba tokony hiatrehana izany ianao. Ny fanontaniana ny Tompo mikasika ny zavatra azonao ianarana avy amin'izany zavatra iainana izany sy ny fomba ahafahan'izany ho lasa tanjaka dia afaka mampifantoka ny finoanao hahazo vokany izay azonao fehezina. Ny fampitodihana ny fainanao any amin' Andriamanitra dia fihetsika iray manan-danja maneho finoana izay mitondra fitahiana lehibe amin'izao fotoana izao ary fitahiana lehibe kokoa aza any amin'ny fainana ho avy.

### **Moa ve hisy fotoana ny Fiagonana hanova ny fotopampianarany sy handrara ny fanambadiana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy?**

Ny fotopampianarana mikasika ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray, izay tena manan-danja ao amin'ny drafitr'Andriamanitra, dia fampianarana manan-danja ao amin'Ny Fiagonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany:

“Ny Fiagonana dia manambara, amin'ny maha-fitsipiky ny fotopampianarana mifototra amin'ny soratra masina an’izany, fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy iray dia fototry ny drafity ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany.

“Tsy mety ny fanaovana firaiana ara-nofo raha tsy eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray nivady ara-dalàna ihany. Ny firaiana ara-nofo rehefa atao amin'ny fomba hafa, ao anatin'izany ireo firaiana ara-nofo eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy, dia fahotana ary mampihozongozona ny rafitra masin'ny fianakaviana izay noharian' Andriamanitra. Vokatr'izany, ny Fiagonana dia manambara fa ny fanambadiana dia faritany amin'ny hoe fiarahana ara-dalàna eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray.”(Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiagonana, 21.4.10).